“Hoy Allah ilay Tsitoha : Manozona Ahy ny zanak’i Adama, amin'ny fanompana ny loza, nefa izaho no tompon'ny loza, ary eo am-pelatanako ny raharaha rehetra ka manova ny alina sy ny andro Aho

Tatitra azo avy amin'i Abo Horaira (R.A), Niteny ny Mpaminany (Ş.A.W) manao hoe : “Hoy Allah ilay Tsitoha : Manozona Ahy ny zanak’i Adama, amin'ny fanompana ny loza, nefa izaho no tompon'ny loza, ary eo am-pelatanako ny raharaha rehetra ka manova ny alina sy ny andro Aho.

[Mari-pototra] [Notantarain’i Bokhari sy Moslim]

Nitatitra ny Mpaminany (S.A.W) fa Allah Tsitoha dia miteny ao amin'ny hadith masina manao hoe : Manimba sy manao tsinontsinona Ahy ny olona manozona sy manao tsinontsinona ny fotoana iavian'ny loza sy ny ratsy; Satria Izy ilay be Voninahitra, Izy irery ihany no mitantana sy mandrindra ny zava-mitranga. Ny fanompana ny fotoana dia fanozonana an’I Allah Tsitoha, ary ny fotoana dia zavaboary voafehy, izay misy ny zava-mitranga avy amin’ny didin’I Allah Tsitoha.

http://www.sunnah.global/hadeeth/mg/show/66284